Fanadinam-panjakana
Andrasana izay ho vokatry ny halavan'ny taom-pianarana 2

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 29 Aogositra 2019 Laharana 946 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

**Ampitatafika** 2

Hatolotra kandida ben' ny tanàna Tim i Rado Ramparaoelina

Antananarivo Renivohitra 5

## Be ny zava-bita fa misy ireo minia ho jamba



Pasitera Mailhol : lehiben'ny mpanohitra 3

## Ny lalam-panorenana ihany no tokony harahana



**SOLONTENAN'NY NONCE APOSTOLIQUE** 2

Noraisin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana tetsy Analakely



**Fisolokiana** 4

Voasambotra ilay kolonely sandoka

**Fanadinana Cepe** 6

Mba mila lanjaina tsara ihany ny lazadina

**Fahefana** 3

Manampatra izany izay mahazo azy

**Daka kely**

Ny tranom-pody no vitan'ny vava ry Boaikely a !

**Antenimierandoholona** 3

Tokony hisy ny fifanakalozana traikefa amin'ny any Etazonia



FITONDRÀNA RAJOELINA

# Tsy tafainga mihitsy ilay lamasinina haingam-pandeha TGV



Efa ho 9 volana izao no nitondra ny tany sy ny firenena ny filoha napetraky ny HCC sy ny CENI, Andry Rajoelina . Raha ny tokony ho izy dia tsy tokony hisy intsony ny sakana amin'ny fampandrosoana eto Madagasikara satria efa nahazo ny maro an'isa ao amin'ny Antenimierampirenena ny IRD miaraka amin'ny filoha ankehitriny . Ao anatin'izany anefa, tsy hita hoe mandroso, na mihemotra ny firenena . Ny zavatra fantatra aloha hatreto dia ny fitadiavana tombontsoa manokana no mahamaika ny mpitondra, fa raha izay fijerena ny vahoaka efa tafiditra ao anatin'ny fahantrana tanteraka ankehitriny, tsy hita izay mba vahaolana entiny iadiana amin'izany. Raha ny fampanantenana tamin'ny fampielezan-kevitra velirano nataon'ny filoha Andry Rajoelina ane-fa dia tonga dia ho lasa paradisa i Madagasikara ao anatin'ny fotoana fohy , ho TGV handeha mafy no hisy eto hoy izy raha tonga eo amin'ny fitondràna isika, satria ho avy ny mpamatsy vola marobe , ka isika indray no hanome vola ny firenena Komoriana. Hatramin'izao anefa , tsy hita izay zavatra vita mba misongadina , tsy miainga mihitsy hatramin'izao ilay TGV fa tsy araka ny fampanantena-na nipoapo ka tamin'ny vahoaka Malagasy nandritra ny propagandy. Efa nambara tamin'ity gazety ity fa manao famindran-tsokatra ny fitondrana Rajoelina.

***Helisoa***

Solontenan'ny Nonce Apostolique

# Noraisin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana tetsy Analakely

Noraisin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpiara-miasa aminy, tetsy amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely ny talata antoandro teo, ny solontenan'ny Nonce Apostolique eto Madagasikara. Voaresaka tamin'izany ny momba ny fitsidihan'ny Papa Ray Masina François eto amintsika, hanomboka ny 6 septambra ho avy izao. Tamin'izany no nanoloran'ity iraka avy amin'ny solontenan'ny Papa eto amintsika ity, ny fandaharam-potoana feno ho an'ny ben'ny tanàna, ny amin'io ho fitsidihan'ny Ray Masina ny Nosintsika io. Marihina fa Antananarivo no tena handray ny fitsidihan'ny Papa amin'ity indray mitoraka ity, izany no heverina fa tsy nanaovan'ny solontenan'ny Fiketrahana Masina eto amintsika ambanin-javatra ny fiadidiana ny renivohitra, tarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.

***Isambilo***



***Ny solontenan'ny Nonce Apostolique, Paolo Rocco Gualtieri, noraisin'ny ben'ny tanàna tetsy Analakely.***

Antenimierandoholona

# Tsy mazava ilay tolo-dalànan'ny mpanohitra avy amin'ny Antenimierampirenena



***Nolavin'ny Loholona ny fandaniana an'ilay volavolan-dalàna mifehy ny Mpanohitra ny Zoma teo.***

Loholona miisa 27 amin' ireo Loholona 38 no nananga-tanana nampihemotra ny fandaniana an' ilay tolo-dalàna mifehy ny antoko Mpanohitra natolotry ny Birao maharitra ao amin'ny Antenimierampirenena ny zoma teo, nandritra ny fivoriana tsy ara-potoana nataon'ny Antenimierandoholona. Nilaza ny Loholona Rajaonarivelo Pierrot, fa tsy mazava ity tolo-dalàna mifehy ny mpanohitra ity, nanohy nanazava ity farany fa ireo antoko mpanohitra ao anatiny sy ivelan'ny Parlemanta no misafidy ny olona hisolotena ny vondron'ny fanoherana eny anivon'ny Antenimierampirenena. Nanamafy ny Loholona Rivo Rakotovao fa tsy ampy ny fotoana nandinihina an'ity tolo-dalàna ity satria ny Alakamisy tolakandro no nahavoaray an'ity tolo-dalàna ity ny Andrim-panjakana. Nanohy nanazava ity filohan'ny Antenimierandoholona ity fa tokony hifanojo amin'ny lalàmpanorenana sy ny lalàna mifehy ny Antoko mpanohitra ity volavolan-dalàna ity. Nanizingizina ny loholona Riana Andriamandavy VII fa tokony ho hita soritra amin'ity tolo-dalàna ity ny fanoherana eny anivon'ny Antenimierandoholona. Ankoatra izay, nilaza ireo Loholona nandray fitenenana fa tokony hisokatra amin'ny lafin-kery rehetra toy ny Antoko Politika sy ny Fiarahamonim-pirenena sy ny sisa… ny fandrafetana an'ity volavolan-dalàna mifehy ny Mpanohitra ity, mba ho marin-toerana ary ahazoana sitraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka vahiny. Mangataka fivoriana tsy ara-potoana faharoa avy amin'ny Fitondram-panjakana ny Antenimierandoholona, mba handinihana tsara an'ity tolo-dalàna ity. Marihina fa loholona miisa 7 amin' ireo Loholona 38 no nankasitraka ny fandaniana ny tolo-dalàna mifehy ny Mpanohitra, loholona miisa 2 no tsy naneho ny heviny. Loholona miisa 11 niala tsiny ny amin'ny tsy fanatrehana ny fivoriana ary ny Loholona miisa 13 no tsy tonga nanatrika ny fivoriana.

***Franck Razakambelo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Fanadinam-panjakana : andrasana izay ho vokatry ny halavan'ny taom-pianarana

Manomboka miditra amin'ny fotoam-panadinana ara-panjakana isika ankehitriny ary efa nisantatra izany ny talata lasa teo, ireo mpiadina nanala Cepe. Mbola ho avy kosa ny an 'ireo hanala ny fanadinana Bepc sy ny Bakalorea. Niaraha- nahalala sy nahita tsara fa lava dia lava ny taom-pianarana tamin'ity farany ity. Efa nahatratra 11 volana ary misy aza mbola manohy mianatra ihany, ka ho tonga 12 volana, na herintaona ngarangidiny ny fotoam-pianaran'ny mpianatra ao aminy. Tsy misy afaka handà na iray aza, fa tsy ara-pedagojika izany. Tsy ara-pedagojika raha mihoatra ny 9 volana ny taom-pianarana ho an'ny mpianatra amin'ny ambaratonga ambany. Ary ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny eo anivon'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena, ka hatramin'ireo minisitra sy ny filohan'ny repoblika dia azo inoana fa tsy nianatra 11 volana izany nandritry ny andro nianarany tany amin'ny sekoly ambaratonga ambany. Ankehitriny anefa tsy nisy niraika, tsy nisy niala tsiny tamin'ireo mpianatra sy ray aman-dreny izy ireo. Tsy manana ny fahaizamiaina sy mitondra vahoaka amin'ny maha-malagasy ve? Eo aloha izay, fa manomboka izao ihany koa dia andrasana ny vokatr'izay fanaovana "lasibatra" ny zaza Malagasy izay. Ho fotaka sa ho tsara ny voka-panadinana amin'ity taona ity? Ny tsikaritr'ireo mpampianatra sy mpanabe tany an-dakilasy tany, dia matetika no varimbariana, indraindray manao rainazy ny fianarana, misy tena hita ho reraka ireo mpianatra manomana hiatrika fanadinana. Ny mpampianatra ihany koa manomboka ho reraka noho ny halavan'ny andro fampianarana. Misy fiantraikany any amin'ny fomba fampianarana anefa izany. Tsy vahaolana intsony araka izany, fa efa tara loatra, ny fikarakarana hetsika natao teny Antsahamanitra ireny.

Hanao ahoana ny fomba fitsarana fanadinana? Hanao izay hanamboamboarana ny fitsarana sy ny vokatra ve ireo mpampianatra mpitsara sy ireo mpamoaka ny vokatra ofisialy? Sa ny tena fahaizan'ny mpianatra marina nanao ny fanadinana no havoaka eo? Tsy ny eto an-drenivohitra ihany no lazaina amin'izany fa manerana ny Nosy. Ho hita eo ny ho fivoakan'ny voka-panadinana rehetra, ka hahitana ny valin'ny fanontaniana rehetra.

***Radafy***

Solontena nivory tao Ampitatafika

# Hatolotra kandida ben'ny tanàna Tim i Rado Ramparaoelina

Nisongadina tao anatin'ny indroa nitondran'ny ben'ny tanànan' Ampitatafika Atsimondrano, Rado Ramparaoelina ireo asa sosialy sy zava- bitany tao anatin'izay fotoana izay. Teo ny sosialin'ny mponina, ny sehatry ny fampianarana, ny fampitaovana « tracteur » nanampy tamin'ny asa fanadiovana, teo ny fananganana sekoly , ny fampidirana jiro an-dalambe sy elakelantrano, ny fanatsarana ny biraon'ny kaominina, ny fanafainganana ny asa eo anivon'ny kaominina, ny fanafainganana ny karaman'ny mpiasa sns… Santionany ireo, ary izao indray dia misy ny tetik'asa làlankely andiany fahatelo iarahan'izy ireo amin'ny Colas ary vatsian'ny vondrona Eoropeana vola. Ezaka miandry ihany koa ny fanamboarana ho « pavé» ny làlana, ny fananganana« hangar » ny tsenan' Ampitatafika, sns… Noho ireo asa mivaingana vitan'ity ben'ny tanàna ity dia nanatanteraka fivoriana tao amin'ny efitranon'ny kaominina ny Alatsinainy lasa teo ireo sehatra samihafa eo anivon'ny kaominina niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra samihafa notarihan'ny ben'ny tanàna, ka tapaka tamin'izany fa ho tohizana ireo asa fampandrosoana efa natomboka ary mbola ho tohizana amin'ity fitondrana manaraka ity . Vonona aho hoy ity ben'ny tanàna ity satria fanamby efa napetrako io, ary mbola hotohizako hatrany, dia ny fampandrosoana ny kaominina amin'ny la finy rehetra. Tamin'ny antoko Tim no nahalany ity ben'ny tanàna ity tao anatin'izay taona maro izay, ary mbola ny antoko Tim ihany koa no hanolotra azy ho kandida ben'ny tanànan'Ampitatafika indray amin'ny fifidianana amin'ny 27 Novambra izao.

***Rajo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fahefana : manampatra izany izay mahazo azy

Mampisavorovoro saina ny tranga etsy sy eroa satria misy ireo noheverina ho hitsikitsika ivavahana hay papango mipaoka ny zanak' akoho. Mampiova toetsaina tokoa ny fahazoana fahefana satria tsy tomponandraikitra sivily ihany no tratran'izany viriosy izany, fa hatramin'ny ao amin'ny mpitandro ny filaminana ihany koa. Tsy tongatonga ho azy koa anefa izany fa ateraky ny fampitahana ny fisainana sy fomba fiainana ary ny loza mety mihàtra (risque) eo amin'ny fanatanterahana ny andraikitra nomena eo amin'ny sehatra isan-tsokajiny. Raha ny sivily, ireo tsy manao fanamiana izany, no resahina dia na izy olomboafidy na izy olomboatendry. Raha ny voatendry dia efa tsy iadiana hevitra fa ny karamany dia efa voafaritra mialoha araka izay ambaratongam-pahefana anendrena azy. Ny olomboafidy kosa, solombavambahoaka ohatra, dia miova isaky ny mihetsika ny sata mifehy azy ireo, ka ny tombontsoa manokana hatrany no tena takiana. Tsy misy zavatra atahorana (risque) anefa ny fanatanterahany ny asany satria tsy manankatao izy amin'ny fotoana tsy misy fivoriana kanefa dia mandray karama isam-bolana ary amin'izao fotoana izao dia mitaky fisotroandronono (pension) indray. Ny tsapa dia misy ny manampatra fahefana, ka manindry ny mpiarabelona aminy indrindra eo amin'ny resaka tany. Ny olomboafidy toy ny ben'ny tanàna kosa dia toy ny mpiasampajakana izy ireny, ka efa misy karakarana marikarama (grille) mifanaraka amin'ny velaran'ny tanàna. Misy amin'izy ireny koa ny manampatra fahefana, ka na manodinkodina ny volam-bahoaka, na mibodo tanin'olona ihany koa, na manao kolikoly. Misy tombontsoa hafa anefa azony toy ny solika sy fiarakodia. Raha fintinina dia afaka manampatra fahefana ireto sokajina manampahefana sivily, tafiditra amin'izany ny mpikambana ao amin'ny andrim-panjakana mpanatanteraka sy any amin'ny andrim-panjakana samy hafa any, ary iainana eo amin'ny fiainana andavanandro izany. Amampolony maro izao ny manampahefa ambony efa voarohirohy any amin'ny fitsarana miady amin'ny kolikoly ((PAC) amin'izao fotoana izao. Raha eo amin'ny sehatry ny fandriampahalemana kosa dia misy ireo manampahefana anaty birao miketrika ny stratejia entina miady amin'ny asan-dahalo sy asan-jiolahy. Vao omaly no omaly no nisy fitifirana an-kitsirano (execution sommaire) nataon'ny mpitandro filaminana tamin'ny lehilahy iray voalaza fa jiolahy efa lavo tamin'ny tany. Raha ny vaovao farany dia efa any Tsiafahy io polisy io amin'izao fotoana izao. Efa niala tsiny tamin'ny alàlan'ny fanambarana kosa ny minisiteran'ny filaminam-bahoaka izay sambany hatramin'izay satria toa saika niaro ny olony hatrany ny minisitera tamin'ny tranga samy hafa, toy ny teny Andoharanofotsy. Tsy vitsy koa anefa no niaro ilay mpitandro ny filaminana kanefa tsy biby ny olombelona, ka hamono izay haza efa eo am-pelatanany. Efa zava-dehibe izao nataon'ny minisitera izao kanefa kosa mbola tsy afaka ao an-tsain'ny Malagasy ny raharaha Antsakabary izay nandoran'ny polisy efapolo lahy ny tanàna iray manontolo sy nampijaliana olona am-polony maro nentina natao fanadihadiana. Tsy mbola hita mantsy hatramin'izao ny tohin'iny tantara iny kanefa tokony ho tafiditra ao anatin'ny fitohizan'ny raharaham-panjakana (continuité de l'Etat). Efa nanambara ny filohan'ny Repoblika, fa homena tambinkarama manokana ireo mpitandro ny filaminana manao iraka ho fampandriana fahalemana ny tany. Ny zava-misy dia mitovy fa samy manao ny ainy tsy ho zavatra tokoa izy ireny amin'ny fanatanterahana izany andraikitra izany, ka misy ny tratry ny" tendrompo tsy mba namana". Misy mizana tsindrin'ila hatrany eto amin'ity firenena ity, ka ny olona misonanika amin'ny fiarakodia tsara tarehy sy mikivorivory no mitavana tambikarama mihoa-pampana fa ireo manao vy very ny ainy kosa zara raha mahazo na tsy misitraka izany mihitsy. Tsy afaka hanampatra fahefana amin'ny fibodoana tanin'olona sy fitakiana kolikoly ihany koa, ka tsy afaka mandanjalanja izay tokony sy tsy tokony hatao intsony. Tsy azo ekena ny fisian'ny "tsy maty manota", ka izay mivaona amin'ny làlan'ny fahamarinana tsy maintsy izorana eo amin'ny fiarahamonina, sy eo amin'ny fiainan'ny Firenena ary ny fitantanana ny raharaham-panjakana dia rariny sy hitsiny raha omena ny sazy mifanandrify amin'ny heloka nataony.

***Andry Tsiavalona***

**ANTENIMIERANDOHOLONA**

## Tokony hisy ny fifanakalozana traikefa amin'ny any Etazonia

Nitsidika ara-pomba fifanajana ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo RAKOTOVAO, tao Anosikely, Andriamatoa Michael Peter Pelletier, Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara, ny talata teo. Nifantoka tamin'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa sy fifanakalozan-kevitra mikasika ny raharaham-pirenena eto Madagasikara ny fihaonana. Nandritra io fotoana io no niresahana ny tokony hisian'ny fifanakalozan-traikefa eo amin'ny andrimpanjakanan'ny firenena roa tonta. Nambaran'Andriamatoa Michael Peter Pelletier, fa nanao izao fitsidihana izao izy, satria manana andraikitra lehibe sy manan-danja ny Antenimierandoholona eo amin'ny fampiharana ny demokrasia eto amin'ny Firenena ary anisan'ny andraikitra sahan'io Andrim-



panjakana io izany. Raha noresahina ny momba ny lalàna mikasika ny satan' ny mpanohitra dia nolazainy fa i Etzonia dia tsy miditra amin'ny raharaha anatin'ny malagasy, fa vonona hatrany kosa izy ireo ny hanohana an'i Madagasikara eo amin'ny fampiharana ny demokrasia sy ny tany tandalàna. Etsy andaniny, ny Filohan'ny Antenimierandoholona dia naneho fa i Etazonia dia mahatsapa ny fisian'ny fahamatorana arademokrasia eo amin' ny firenena Malagasy.

Nanatrika ny fihaonana ny Loholona isany Abdirassoul Mourad, Amido, Malo Bénoît, izay samy mpikambana ao amin'ny Birao maharitra sy ny Loholona Pierrot Rajaonarivelo, Filohan'ny Vaomieran' ny fifandraisana iraisampirenena ao anivon'ny Antenimierandoholona.

***Isambilo***

Fahatongavan'ny Papa François

## Niomanana ary vonona ny Polisim-pirenena

Nandritra ny tapa-bolana, no nikaon-doha mikasika ny fahatongavan'ny Papa Ray Masina François eto Madagasikara, ny 06 ka hatramin'ny 10 septambra ho avy izao, ny eo anivon' ny Polisim-pirenena. Nitarika izany fikaonandoha izany ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Contrôleur Général de Police Rafanomezantsoa Roger, nahitana ireo tale sy lehibena sampan-draharaha isan-tsokajiny eo anivon'ny Minisitera. Fikaonan-doha amin'ny lafiny fandriampahalemana mifandraika indrindra amin'izany fahatongavan'ny Papa izany. Arakany vaovao nampitain'ny seraseran'izy ireo, ho avy ny fiantsoana ireo mpanao gazety iresahana ny fepetra mahakasika izany.



*Ny fikaonan-doha nataon'ireo ao amin'ny ministeran'ny filaminam-bahoaka.*

Zava-dehibe ho an'ny Malagasy rehetra tsy ankanavaka, fa tsy ho an'ny katolika irery ihany io fahatongavan'ny Papa François eto amintsika io, ka tsy misy manao ho ambanin-javatra izany ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny eto amin'ny firenena. Hijery antsika izao tontolo izao mandritra ny 5 andro mandritra io fotoana handalovany eto Madagasikara io.

***Ny Valosoa***

Pasitera Mailhol : lehiben'ny mpanohitra

## Ny lalam-panorenana ihany no tokony harahana

Manohana ny fametraha-na rafitry ny fanoherana ara-dalàna ny antokoko politika Gideona fandresena ny fahantrana eto Madagasikara, na GFFM tarihan'ny Pasitera Mailhol. Nambarany fa entina hanitsiana ny tsy mety amin' ny fitantanana ny raharaham-panjakana no anto-pijoroan'ny mpanohitra fa tsy ny hanongam-panjakana. Ary manana adidy handroso vahaolana ny mpanohitra fa tsy hitsike-ra be fahatany. Ny zava- misy amin'izao hoy ity mpitarika antoko politika ity dia ny tsy fifampitokisana eo amin'ireo samy mpanao politika. Ny eo amin'ny fitondrana tsy mahatoky ny mpanohitra, ka tsy sahy mamela malalaka ny hijoroany ara-dalàna araky ny voatondro ao amin'ilay lalana 2011-013 izay ny mpitondra ankehitriny ihany no namola- vola sy nandany azy. lalana amin'ny mety ho fandikana vilana ny lalàna dia ny lalam-panorenena ihany no tokony harahana fa tsy tokony hiadian-kevitra ny momba izay hitarika ny antoko mpanohitra hoy ity lehiben'antoko ity. Mijoro ary mandray anjara amin'ny raharaham-pirenena ny antoko politika Gideona Fandresena ny Fahantrana eto Madagasikara hoy ny Pasitera MAILHOL, ka hiverina handray anjara mavitrika amin'ny fifidianana ben'ny tanàna ho avy izao. Tsiahivina fa antony tsy nandraisan'ny antoko anjara tamin'ny fifidianana Solombavambahoaka farany teo,n ny tsy fahatomombanana samihafa teo amin'ny lisi-pifidianana sy ny mbola nanotana ny taratasi-datsabato tany Afrika Atsimo.

***Stefa***



*TONONKALO*

## IREO MANELINGELINA AZY

Misy olom-bitsivitsy
Tsapany ho manelingelina,
Ka sahirana mihitsy,
Ireo ekipan-dRajoelina.

Etsy andaniny , tsy miery
Fa tsy tiany hatramin`ny alony,
Ilay voalaza ho mahery,
Ka nataony ho fahavalony.

Etsy anilany etsy koa
Ny anankiray izay tsy noheveriny,
Nefa tena mampiroa
Ny saina sy ny eritreriny.

Tena ireo raha toa lazaina
No hitany ho manozongozona,
Ka tadiaviny hoziogaina
Sady hataony taingim-bozona.

Koa dia asa ny loholona,
Ary koa ry Tiako i Mada,
Raha hiaraka hitolona
Sy hifanohana amin`i Dada!

***DADAN`i ZINA (26-08-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Fivoriana momba ny fitantanana ny loza voajanahary tao amin'ny boriborintany faha 5.









Fisolokiana

## Voasambotra ilay kolonely sandoka




*Ireo mpisandoka saron'ny zandary.*

Ny antoandron'ny 25 aogositra 2019 dia nahazo vaovao tamin'ny Sojabe iray ny Zandarimaria ao Mandritsara faritra Sofia, fa misy lehilahy iray milaza ho manamboninahitra lié-tena-kolonely miasa any Maintirano faritra Melaky (Commandant de compagnie GN) hangataka ny zanany vavy ho vadiny, ka niangavy ny hanaovana ny fomban-drazana. Araka ny angom-baovao dia heno fa mandalo ao Boriziny io olona io ankehitriny miaraka amin'ilay zazavavy ho ampakariny sy lehilahy iray hafa. Nidina teny ifotony avy hatrany ny Komandin'ny vondron-tobim-paritra (Compagnie Gn) ao Port Bergé niaraka tamin'ny Zandary ary dia noraisimpotsiny ireo mpisandoka izay nanao fanamiana miaramila. Notanana vonjimaika ao am-ponja ireo roalahy rehefa vita ny famotorana. Ilay zazavavy kosa dia natao vavolombelon'ny fisandohana nataony.

*Ny Valosoa*

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy saosety** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa na saosisy vita amin'ny hena kisoa na vita amin'ny henomby. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoraly amin'ny zaza mitohana

Ny fanafana amin'ny zaza mitohana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Sarotra ho an'ireo reny tanora indrindra raha zaza voalohany ny mahita ny zanany mitomany saingy tsy mahafantatra ireo zavatra mety mahazo azy. Tafiditra ao anatin'izany ireo mbola menavava tsy mahay miteny. Toe-javatra iray mety hahazo ny zazakely ohatra ny fitohanana. Raha tojo izay olana izay matetika ny zaza dia ilaina foana ny mampitony azy na dia zavatra tsy tena atahorana be aza izany. Ireto ary misy fomba natoraly azo hisorohana izany fitohanan'ny zazakely izany: ny fanorana moramora ny zaza (massage): teknika tena mahomby tsara amin'ny fampitoniana ny marary amin'ilay zaza ny fanaovana azy izany. Ampahazoy toerana tsara fotsiny ny lamosin'ilay zaza rehefa manao azy. Afaka atao tsara ihany koa ny manao peta-gilasy amin'ny kibony; izany hoe : asio menaka coco ny tanana ary hafanao amin'ny labozia dia ataovy mifampikasokasoka tsara ny tanana roa mba hafana. Ataovy eo amin'ny kibon'ilay zaza izany avy eo ary somary haraho hotra kely avy ao anatiny mankany ivelany mba hafana tsara ny kibony. Avereno in-droa na in-telo isan'andro izany.

Soloy ny ranon'ny biberon:

raha misakafo amin'ny biberon ilay zaza dia soloy mihintsy ny rano ampiasaina amin'ny fanaovana ny sakafony. Mampiasà rano manan-karena "magnesium" mandritra ny andro vitsivitsy. Laxatif be ny rano misy azy io. Aza ampiasaina ela loatra anefa.

Sakafo manan-karena fibres omena ilay zaza:

raha efa afaka misakafo zavatra hafa, ankoatra ny nonondReny ilay zaza dia sakafo ahitana fibre betsaka omena azy; akondro, legioma maintso, "cereals complètes",… Hialao mihintsy aloha ny fanomezana azy vary, karaoty, ovy,…

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Analamisampy any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'Analamisampy any amin'ny distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity kaominina ity. Amin'ny lalampirenena faha-9: avy any Toliara mihazo an'i Morombe no misy ity tanàna ity. Vita tara hatreo Analamisampy izany lalana izany ankehitriny. Iva toerana ihany izy, satria 206 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary sy ny haninkotrana isankarazany.



## NY TENY FIAINANA

*Tanàna rava tsy misy mànda ny lehilahy izay tsy mahatsindry ny fanahiny.*

***Ohabolana 25:28***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Miantso ny Samva hanatitra ny fako eny Andralanitra ny CUA, satria efa voaloa ny vola natokan'ny CUA ho azy amin'izany



**Arp Helisoa :** miantso ny SAMVA. ny CUA hanala ny fako satria efa voaloa ny volan'ny Samva hanesorana ny fako hoentina eny Andralanitra. Tsy tokony hiaina amin'ny honohono isika Malagasy fa tsy mampandroso izany.

**Andry Razafindrakoto :** efa nazava hatramzay anie fa Samva manala fako e, fa ho an ty mandoto sy tery saina feno fankahalana d afa iany ...... Samia tonga saina amzay ry vahoaka, ampio daholo ny mpitondra anao ny asany.

**Fidiarison Rakotomalala :** hafa ihany ny TIM, mahafinaritra sady tsy mety lefy mandrak'izay.

**Zanakoto Anitari :** Hahaha, Tim minorite? En voie de disparition?

**Gandjah Man :** alefa any anaty tsena rah ts met miditra ko ts aleo eny am mahafinaritra an lah no anaovan azy ? Ef akaiky ny fifidianana ary reny mpivarotra reny no ataon mpivelirano fitaovana ndray anaratsiana an dada sy neny, rehefa nazava zao fa an Samva ny fandraofana fako dia entina eny Andralanitra. D mba manaraha vao2 ko oe iza no tena ambadik ireny epp sy ny tariny reny e!

**Harinirina Rajaonarivony :** ka iza ro nandoto ty tananareo ao ? nareo avao ro voretra, aia k ty tatatry ro anaria fako sy ny maloto @ pô bakeo ny ben'ny tanànareo ro ampangalanareo ty fako sy tainareo ao, kamo sy mpanandevo olo loatsy nareo ao, toetsain'ny mponina mila ovà!

**Rafindrasoa Trimonso Remandie Trimonso :** hita owa ry harinirina R miavo, be voretra reo de mody hoe: ny beny tanana no ho anina manta, nefa na de ny pndrozy aza ts vitany ny hanary azy any ^Wc, fa eny@ lalana, tena miasa ty Maire Tana sy ekipany.

**Bhooy Razafindradika :** oka re ....mba miangavy ; mba ataovy @ fooo torotoro feno fitiavane!(samy malagasy tsika)!

**Esther Ravaoarinoro :** asaivo mametra-pialana koa ilay be velirano Domelina, fa tsy sarosaromana @fanaratsiana ny ben'ny tanàna eo koa. Samia manadio ny any aminy dia madio ny tanàna. Eto tsisy mametra-pialana izany, samy manana ny asany io, ben'ny tanàna nahavita be ve dia hoesorina, tohizo ny lalantsika Neny!!

**Hobilalaina Rakotoarivony :** ny olona anga mahita ny eo ambany masony. Tsy Tana ihany no feno fako fa na Antsirabe koa ary , ny mpivarotra amoron dalana zany misy daholo eran'i Madagasikara, ary ny fanonganam-panjakana notarihan'I Andry Rajoelina tamin'ny taona 2009 no mahabe ny mpivarotra ankehitriny, satria be no very asa noho iny zava-doza nataon-dRajoelina sy ny forongony tamin'ny 2009 iny.

**Tiana Razakanantenaina :** iza no tsy azo tenenina !!!? -> Ny vahoaka. Iza no tsy azo fehezina ? -> Ny vahoaka. Iza no mimenomenona rehefa esorina eny amorondalana fivarotana? -> Ny vahoaka…

**Mitraka Tsykivy :** mbola sarotra no haharesy Tim eto Tana e!

**Solohery Randriamavo :** f'angaha izany fantatry ny serasera Mada sy ny mpanaratsy CUA, fa ny azy ireo ny hanaratsy ny CUA no mibahana ao andohany, vao miha- romotra aza izy ireo maheno sy mahita iny famoriana mpanao gazety iny! Alefa Neny a!!

**Fanja Rakotoarisoa :** tanteraho ny fampanantenana poakaty nataonareo tam propagande présidentiel vao miresaka ny an'ny ben'ny tanàna ary omeo koa ny Subvention hiasany fa tsy manao jamba mahiratra eo, Neny aza tsy misy subvention, mahavita zavatra be hatreto.

**Blessing Mercy :** mazava be anie io tenin' ny le maire e, efa voaloa ny vola hoy izy, ka miantso ny Samva hanala fako donc ny Samva dia karamaina vao hafaka manala fako …

**Verou Zafy :** madio isa-maraina ny tanàna fa reo mpivarotra amoron dalana no tokony hanadio zay nialany, tena maloto ny tanàna ialan'ireo mpivarotra amoron-dalana ireo. Ny mpamafa lalana, mamafa in-3 isan'andro: amin'ny 5h, amin'ny 9h ary amin'ny 3h tolakandro!

### BEN'NY TANÀNA SY SEKRETERA JENERALY

## Be ny zava-bitan'ny CUA, efa voaloa avokoa ny volan'ny SAMVA avy amin'ny CUA, tokony hitaterany ny fako eny Andralanitra



Nihaona tamin'ny mpanao gazety tetsy amin'ny Lapan' ny Tanàna Analakely afak' omaly antoandro, ny ben' ny tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana sy ny sekretera jeneralin'ny Kaominina Randriamasinoro Tahiry Ny Riana. Nambaran'ny ben'ny tanàna tamin'izany fa mikatsaka ny mahasoa ny mponina ny kaominina amin'ny maha soa iombonan'ny Malagasy an' Antananarivo Renivohitra. Nanambarany fa be ny zavabita mipaka amin'ny vahoaka eto Antananarivo, saingy maro isika no tsy manaraka discipline na fitsipika. Mian-tso ny SAMVA ny CUA hitaona ny fako satria efa voaloa ny vola avy amin' ny CUA ho an'ny Samva, hanesorana ny fako eny amin'ny dabanjaoridira, ka tokony ho taterina any Andralanitra. Tsy tokony hiaina amin'ny honohono isika Malagasy fa tsy mampandroso izany, noho izay antony izay, hitohy hatrany ny fanatonany ny vahoaka, hisy koa isankerinandro ny fihaonana amin'ny mpampahalala vaovao, mba tsy ho tompon-trano mihono ny vahoakan'Antananarivo sy ny mpampahalala vaovao. Be tokoa ny zava-bitan'ny CUA fa be ireo minia ho jamba manoloana izany.

***Isambilo***

### Boriboritany faha-5 (CUA)

## Fiofanana ho fiomanana amin'ny loza mety hitranga amin'ny fotoam-pahavaratra ho avy

Nanatanteraka fampiofanana ho an'ireo tompon' andraikitra eny anivon'ny fokontany miisa 27 ny avy ao anivon'ny Boriboritany fahadimy, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly. Nitarika ity hetsika ity ny Kolonely ANDRIANAIVO Jaona, miandraikitra ny "Gestion des Risques et Catastrophes ", na GRC eo anivon'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Nandritra izany dia nisy ny fampahatsiahivana ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny fokontany, izay mivondrona ao anatin'ny "équipe locale de secours", ny amin'ireo zavatra maro tokony ho fantatry ny tsirairay hiatrehana ny loza mety hitranga mandritra ny fotoam-pahavaratra. Toy ny fisorohana isan-karazany tokony hatao, mba hampihena ny loza mety hitranga, ny fampiasana ireo loko samihafa mandritra ny fotoana fiavian'ny rivo-doza, ny fisokirana sy fanadiovana mialoha ireo tatatra hisorohana ny mety ho fiakaran'ny rano... Izany rehetra izany dia narahina fanehoana an-tsary ny fiomanana tokony hatao rehetra. Tanjona nandritra ity hetsika ity ny hanatanterahana ny vinan-dRamatoa Lalao Ravalomanana, Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, izay miompana ihany koa amin'ny fitsinjovana ny olona marefo eo amin'ny fiaraha-monina, indrindra amin'ny mety ho fiantraikan'ny loza voajanahary amin'izy ireny, sy ny fanatsaràna ny fahafahamiaina aorian'ny fiavian' ny loza, na ny antsoina hoe:"amélioration de la résiliance communautaire".



*Ireo niofana momba ny GRC tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

***Aly***

### FJKM Ambohipotsy

## Hanatanteraka fandraisan-tanana mpitandrina

Hanatanteraka ny fandraisan-tanana ny mpitandrina RAMANANTSOA Andriamihaja Tiana Dani mianakavy, ny avy ao amin'ny fitandremana FJKM tranovato Rasalama Maritiora Ambohipotsy. Toy izao ny fandaharam-potoana tsara ho fantatra amin'izany : ny Talata 3 Septambra 2019 izao no fotoana hiarahana amin'ny Foibe FJKM sy ny Synodamparitany Antananarivo Atsimo, ary ny Alahady 8 Septambra 2019 kosa no hiarahana amin'ny fitandremana sy ny taranany ampielezana. Ny fotoana rehetra dia samy manomboka amin'ny 9 ora sy sasany maraina avokoa .



*Ny FJKM Tranovato Rasalama Martiora Ambohipotsy.*

Ny tenin'Andriamanitra ho banjinina mandritra izany dia izay voasoratra ao amin'ny Filipiana 1 :27b manao hoe : « miray fo hiara-miezaka hampandroso ny finoana .

***RaMahery***

**Fanadinana Cepe**

# Mba mila lanjaina tsara ihany ny lazadina



Vita iny ny fanadinana ara-panjakana Cepe, izay fanadinana voalohany atrehin'ny zaza mpianatra eo amin'ny fiainany. Taranja maro samihafa no nanadinana azy ireo nandritry ny tontolo andro. Nanaitra ny saina ihany ny nandre ny nambaran'ny mpianatra momba ny teo amin'ny taranja iray, izay niresahana ny momba ny lalam-pirenena. Anisan'ny lesona nianarana sy nanadinana ny mpianatra mantsy ny amin'ireo lalam-pirenena eto amin' ny firenena ireo. Tokony hiaiky anefa ny mpampianatra, fa tsy ho ary ho hain'ny mpianatra avokoa ny laharan'ireo lalam-pirenena eto amintsika ireo, eny na dia tsy izy rehetra aza no nianarana. Ny olona mampiasa fiara aza tsy ny rehetra akory no mahay an'izany. Ary na ireo mpianatra any amin' ny kilasy 3ème sy ny kilasy famaranana na Terminale aza ny ankamaroany, mba tsy ilazana azy hoe saika izy rehetra, dia azo inoana marimarina fa tsy mahay izany. Koa mba tokony lanjalanjaina ihany ny lazadina mba hifanaraka tsara amin' ny zava-misy iainan'ny mpianatra andavanandro, ary tsy ny any amin'ireo mpianatra mpanala fanadinana Cepe ihany izany, fa hatramin'ireo mpanao laza adina any amin'ny kilasy 3ème sy ny Terminale.

***Radafy***

FJKM Antsahamaina Famonjena

# Mandany 57 tapitrisa ariary ny fanaovana tafo ankoatry ny tilikambo


Nisongadina nandritry ny fetin'ny taranaka ny Alahady 25 Aogositra lasa teo fa mbola ezaka goavana no miandry ny mpino kristiana sy ny zanaka am-pielezana amin'ny famitana ny tafon-trano sy ny tilikambon'ny Fjkm Antsahamaina Famonjena, synodam-paritany Antananarivo atsinanana. Nifanome tànana ireo zanaka am-pielezana sy ny renifiangonana tamin'ny alàlan'ny rakitra isan-taranaka narahana tonombola sy lavantim-bokatra. Tanjona amin'izany ny ezaka famitana ireo asa mbola miandry ny fiangonana. Raha tsiahivina dia ny volana Aprily 2017 no napetraka ny vato fototry ny fiangonana izay natrehin'ny foibe Fjkm sy ny synodamparitany. Roa taona taty aoriana dia vita ny rindrina, ary ezaka tafo sy tilikambo ny manaraka raha ny nambaran'ny filohan'ny zanaka ampielezana, Andriamanana Fanomezantsoa. Ny Alahady 25 Aogositra teo dia ny mpitandrina teo an-toerana, Mamilalaina Lalaoharisoa Rindra no nitarika ny fotoana sy nitondra ny hafatr'Andriamanitra nalaina tao amin'ny Nomery 13. Nentina am-bavaka ireo mpivady vao hanorintokantrano folo mianadahy, toy izany koa ireo mpianatra 15 mianadahy nanala fanadinana ny Talata teo. Fa an'isan'ny mampiavaka ity fiangonana ity ihany koa ny fanaovana ilay antsoina hoe « Harona Mamangy », izany hoe famangiana isan-tokantrano izy io ary handrotsahan'ireo mpino kristiana izay foiny ho fampandrosoana ny asan' Andriamanitra. Raha ny Alahady lasa teo dia nahatratra fito arivo sy fito alina ariary no voaangona, ary mbola hitohy hatrany izany . Amin'ny ankapobeny, dia tratra ny tanjona tamin'ny fetin'ny taranaka satria marobe ireo taranaky ny fiangonana hatreny an-tokontany no tonga nifanotrona sy niombom-bavaka ny Alahady lasa teo.



*Ny FJKM Antsahamaina.*

***Rajo***

**SARIITATRA :** IEM : Ireo vina Enti-Mandainga mandritra ny 5 taona





Rangahy nomena « Jus spécial »

# Nitsangana rehefa nalemy dimy volana

Very hevitra sy lany vola, ireo raha fehezina ny nahazo ity fianakaviana ity. Tsy rony tsy ventiny teo mantsy dia nalemy tsy nahatsangana ity rangahy vao 40 taona monja. Nanomboka teo dia sahirana ny fianakaviana nitety mpitsabo, dokotera sns… fa tsy nety niverina mihitsy ny fahasalama ny . Efa saika handeha any ivelany mihitsy aza no nisy olona nahanfantatra ny nomeraon'i Jessica eny Mandrosoa Ivato **03387 395 41** mpitsabo, ka io no nanoro azy ireo ho eny aminy . Vao noraisin'ity mpitsabo ity anefa , notroriny tamin'ny menaka manokana, ary avy eo dia nampisotroiny « jus spécial » dia nanomboka niova ny tenany . Ny ampitson'iny ihany mantsy dia nilaza izy fa afaka nihetsika. Notohizany ny fisotroana ity jus hafahafa ity ka herinandro monja dia tafatsangana toy ny tsy nalemy ilay rangahy. Nahalany sakafo tsara ihany koa izy ary afaka niteny soa amantsara. Io lehilahy io avy eo no nijoro vavolombelona fa raha misy olona malemy toa azy dia tsy tokony hisalasala manatona eny amin'ity mpitsabo ity satria« pouvoir » manokana mihitsy no misy ao aminy matoa nalemy dimy volana nefa dia nitsangana toy ny tsy nisy na inona na inona akory . Nambaran'io lehilahy io ihany koa fa sady tsy manavaka finoana, na firazanana ity mpitsabo ity fa afaka manatona eny aminy avokoa izay rehetra mila fanampiana sy fahasitranana ary tsy mifidy saranga na finoana, fa raisiny avokoa. Niaiky moa ity fianakaviana ity fa raha tsy teny amin'i Jessica dia saika nafoy hatramin'ny fianakaviany satria efa kivy tanteraka izy mianakavy.

***Namana***

AFF sy ny FJKM Imerintsiatosika

# Filamatra ny atrikasa tao amin'ny « Amboara Espace » Beronono

Sambany teo amin'ny tantaran'ny Fjkm Ziona Famonjena Imerintsiatosika, synodamparitany Arivonimamo Vaovao ny fihaonana tamin'ny alàlan'ny atrik'asampampandrosoana ny fiangonana amin'ny ankapobeny. Ny Sabotsy 24 Aogositra lasa teo dia nifamotoana tao amin'ny« Amboara Espace » Beronono ireo solontena samihafa avy amin'ny sampanasamihafa eo anivon'ny fiangonana, notarihan'ny mpitandrina David Rasoanaivo. Atrik'asa fampandrosoana ny fiangonana izy io, ka ny sampan'asa Fitoriana ny Filazantsara (AFF) no nitarika izany tamin'ny alàlan'ny filohany, Ravelomanantsoa Roger fantatra amin'ny anarana hoe « Tonton Roger ». Zava- dehibe io atrikasa io raha ny nambaran'ny mpitandrina satria natao hampandroso fiangonana, ka taorian'ny mofonaina nalaina tao amin'ny Hebreo toko faha-5 dia fantatra fa tompon'andraikitra ny olona manana fifandraisana amin'ny hafa sy Andriamanitra sy ny hoe tompon'andraikitra mampandroso fiangonana ny filazantsara. Nojerena tao anatin'izany ireo lafin-javatra efatra momba ny tsara sy ny ratsy . Soa fianatra sy tsara fakan-tahaka kosa ny toy izao hoy ny biraom-piangonana sady mpanolotsaina, Ratafitamanana, ka ezahina ho tohizana hatrany izany. Atrik'asa voalohany izy ity hoy ny filohan'ny AFF, Tonton Roger satria nahazoana nanao jery todiky ny lasa sy hibanjinana ny ho avy, ary tokony hotohizana hatrany izany . Samy resy lahatra moa ny rehetra tonga nanotrona ity atrik'asa ity satria sady nahazo aim-panahy no voky sakafo ihany koa.

*Rajo*



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE 24/08/19 hatramin'ny 31/08/19**

- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 04/ 032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08 /034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :** Rahelisoa A. 034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:** Isambilo: 033 24 783 65 Rajo: 033 80 022 53 Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :** Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:** Aris: 034 17 460 53 Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:** Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:** gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 946-08-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ZOTRAM-PITATERANA RN1, RN4, RN6**

# «Guichetier» sy «Bagagiste» miisa 600 no nomena mari-pankasitrahana

Aman-jatony ireo olona manao ny asa fivelomana eny anivon'ny Tobim-pi-antsonana manerana ny nosy. "Guichetier" na mpandray vola sy mpanome tapakila miisa 166,"Bagagiste" na mpamatratra entana mi-isa 234, mpiandraikitra ny fandriampahale- mana sy fanadiovana miisa 50 no nomena mari-pahaizana tetsy amin'ny Tobimpiantsonana Makis Andohatapenaka ny zoma teo. Fiofanana nanomboka ny 29 Jolay 2019, ka hatramin'ny 23 Aogositra 2019 lasa teo: ny fampianarana fahalalam-pomba, ny fahaizana miteny sy mandray olona, ny fifehezana ny andraikitry ny Guichetier sy mpamatratra entana, ny fifehezana ny tranga vonjy aina, ny fampianarana ny fombafoma fandraisana olona sy ny entana no nataon'ireto mpiasan'ny fitaterana ire-to. Ny tanjona amin'ny fampiofanana dia ny fanatsarana ny tolotra eo amin'ny asa fitaterana ho an'ny mpanjifa ary famolavolana an 'ireo mpiasan'ny fitaterana mba ho matihanina. Ny orin'asa Maquauto miara-miasa amin'ny mpiandraikitra ny fitaterana no niara- nisalahy tamin'ny fampiofanana, ka ireo mpiasa eny amin'ny tobim-piantsonana Ambodivona sy ny tobim-piantsonana Andohatapenaka no nisantatra ny fampianarana. Manantena ny mpandeha fa ho tsara fandraisana amin'izay rehefa tonga eny amin' ireo tobimpiantsonana volaza ireo, ka tsy hisy intsony ny mpanera mifamaly "Passage"sy misinton'entana.




*Mpiasan'ny fitaterana Rn1 sy Rn6 no niofana teny amin'ny tobim-piantsonana Makis.*

***Franck razakambelo.***

Tsenambaro-panjakana

# Napetraka ny «guichet unique» etsy Antsahavola

50% ny tsenambaro-panjakana (Marché Public ) teny anivon'ny Ministera dia tsy manara-dalàna avokoa nanomboka ny 2017 ka hatramin'ny 2019. Natsangana tetsy amin'ny biraon'ny Ministeran'ny toe-karena sy ny teti-bola etsy Atsahavola ny talata teo ny" Guichet unique "natokana ho an'ny Tsenambaro-panjakana (marché Public), mba hahafahana manafaingana ny fikirakirana ny antotan-taratasy sy hanamorana ny fivezivezen'ny olona eny amin'ny Biraon'ny Tompon'andraikitra misahana ny Tsenambaro-panjakana. Nilaza ny Filohan'ny Vaomiera nasionaly manaramaso ny tsenambaro-panjakana fa ezahina ho vitaina ao anatin'ny 24 ora ny famoahana ny antontan-taratasy ilain'ny Mpanjifa ary tsy maintsy manaraka ny lalàna sy ny fitsipika mifehy ny Tsenambaro-panjakana hatrany ny famitana an'izany antotan-taratasy izany. Ankoatran'ny fikirakirana taratasim-panjakana dia ivon-toerana ahafahan'ny mpanaramaso ny toe-bola mikasika ny tsenambolam-panjakana ny « Guichet unique » . Toerana ahafahan'ny Sampandraharahan'ny hetra manaramaso ny fandoavan-ketra ataon'ireo orin'asa misehatra amin'ny tsenambarom-panjakana ihany koa ny « Guichet unique ». Hatramin'izao aloha dia mbola fametrahana rafitra fotsiny no betsaka, fa mbola tsy mipaka eny anivon'ny fiainam-bahoaka ny Politikam-panjakana izay nimatematesan' ny mpitondra fanjakana.

***Franck Razakambelo***





*Vaomiera nasionaly misahana ny Tsenambarom-panjakana.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 290**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0289)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - salaka | - tapitra | - sarotra | - karatra |
| - ara – lava (Miv) | - ray – rana | - ary – aa | - avy – ran(o) |
| - risoriso | - manao | - lasopy | - asiana |
| - osa – iv | | - osy | - vola (Miv) – ao |

### TENY MIFANARAKA N° 290




**Mitsivalana**

**1.** Fitaterana **2.** Sakafon-jaza **3.** Savoritaka **4.** Tolona – Hita amin'ny ranomasina **5.** Hita maso **6.** Alaina (BR) **7.** Ao amin'ny boky masina – sitraka (MIV) **8.** Tsofoka iharana – Manga lalandava **9.** Manondro hitra maso – Efatra – Tofoka (BL) **10.** Asa soratra sy hain-teny

**Mitsangana**

**A.** Vanim-potoana **B.** Bibilava (MIV) – Mangataka **D.** Be taona – mpanondro lalam-pirenena **E.** Iray sy iray – Zanak'i dada – Mikoriana ao anaty **F.** Tsy ampy taona **G.** Haingon-teny – « kasa » atao fomba iharana (MIV) **H.** Ranobe – Ambany **I.** Vohitra (MIV) **J.** Tsofoka – Mpanondro hita maso **K.** Bika aman'endrika

### Valiny Teny mifanaraka 0289

**Mitsivalana**

1-Mizarazara 2-Vola (miv) - Lao 3-Naf(y) - Asa 4-Disodisa (miv) 5-Vinavinany 6-Adino 7-Soa - Aoka 8-Re - Taf(o) - Tan(y) 9-Or - Orinasa 10-Voatabia (miv)

**Mitsangana**

A- Manavy - Roa B- Osy - Sery D- Zafinao E- Al(a) - Dadatoa F- Ra(nono) - Avy - Tra (Miv) G- Nisava (Miv) - Fia H- Sinoa - No I - Adala (Miv) - Vato (Miv) J - Ra - Nikas(a) K - Aomby - Anao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny CUA nandray ny solotenan'ny Nonce apostolique tao Analakely.









**C.U.A. ANTANANARIVO FAHADIMY**
**FIZARANA KOPIA MAIMAIM-POANA**

Ilazana isika rehetra izay niatrika ny fitsarana ahazoana kopia teny amin'ny Biraon'ny KAOMININA ANTANANARIVO FAHADIMY tamin'ny 27 Martsa 2019 teo fa atao amin'ny **ZOMA 30** ***Aogositra 2019*** izao ny fizarana ny kopia, izay atao ao amin'ny **KAOMININA ANTANANARIVO FAHADIMY** ihany , amin'ny **8 ora** tsy diso, koa iangaviana isika samy ho tonga maro sy ara-potoana, ary hanararaotra izany fotoana izany izay tena zava-dehibe eo amin'ny fiainan'ny ankizy

**TSY MISY FANDOAVAM-BOLA**

**Misaotra tompoko**